The Fear of the Lord

Ny fahatahorana an'i Jehovah no satroboninahitry ny fahendrena, mampaniry fiadanana sy fahasalamana tonga lafatra; fa fanomezan'Andriamanitra izany sady manitatra ny fifaliany izay tia Azy. Ny fakan'ny fahendrena dia ny fahatahorana an'i Jehovah, Ary ny rantsany dia lava andro iainana. Mpitoriteny 1:18, 20

Jereo ny taranaka fahagola, ka jereo; moa nisy natoky an'i Jehovah va ka very hevitra? Sa nisy nitoetra tamin'ny fahatahorana azy ka nafoy? Ary iza no nohamavoiny, izay niantso Azy? Izay matahotra an'i Jehovah tsy mba tsy hankatò ny Teniny; ary izay tia Azy dia mitandrina ny lalany. Izay matahotra an'i Jehovah dia mitady izay tsara ankasitrahany; ary izay tia azy dia hofenoina ny lalàna. Izay matahotra ny Tompo dia hanomana ny fony sy hanetry ny fanahiny eo anatrehany, ka nanao hoe: Ho eo an-tànan'i Jehovah isika, fa tsy ho eo an-tànan'olona; Mpitoriteny 2:10, 15-18

Ny fahatahorana an'i Jehovah no mialoha ny fahazoana fahefana; Omem-boninahitra ny lehibe sy ny mpitsara ary ny mpanapaka; nefa tsy misy lehibe noho izay matahotra an'i Jehovah. Mpitoriteny 10:21, 24

Ary aza matahotra, anaka, fa tonga mahantra isika,
fa manan-karena be ianao, raha matahotra an'Andriamanitra ka
miala amin'ny ota rehetra ary manao izay sitrapony. TOBITA 4:21
Fa matahora an'i Jehovah ihany, ka manompoa Azy amin'ny
fahamarinana amin'ny fonareo rehetra; 1 SAMOELA 12:24

Avy aiza ary ny fahendrena? ary aiza ny fitoeran'ny fahalalana?
Ary hoy Izy tamin' ny olona: Indro, ny fahatahorana ny Tompo
no fahendrena; ary ny miala amin'ny ratsy no fahalalana.
JOB 28:20, 28

Madio ny fahatahorana an'i Jehovah, maharitra mandrakizay;
marina ny fitsipik'i Jehovah, eny, mahitsy avokoa. SALAMO 19:9

Aoka hatahotra an'i Jehovah ny tany rehetra; aoka hangovitra eo
anatrehany ny mponina rehetra amin'izao tontolo izao.
SALAMO 33:8

Matahora an'i Jehovah, ry olony masina; fa tsy hanan-java-mahory
izay matahotra Azy. Avia, anaka, mihainoa ahy, fa ny fahatahorana
an'i Jehovah no hampianariko anareo. Iza no olona maniry
fiainana ka tia andro maro hahitany ny soa? Arovy ny lelanao
amin'ny ratsy, ary ny molotrao mba tsy hiteny fitaka. Halaviro ny
ratsy, ka manaova soa; mitadiava fihavanana, ka araho izany.
SALAMO 34:9, 11-14

Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena;
Fahalalana tsara no ananan'izay rehetra mankatò ny didiny;
Maharitra mandrakizay ny fiderana Azy. SALAMO 111:10

Hianareo izay matahotra an'i Jehovah, matokia an'i Jehovah;
Mpamonjy sy ampingany Izy. Hitahy izay matahotra an'i Jehovah
Izy, na kely na lehibe. SALAMO 115:11, 13
Aoka izay matahotra an'i Jehovah hanao hoe: Mandrakizay
ny famindram-pony. SALAMO 118:4

Na dia manao ratsy injato aza ny mpanota, ka lava ny androny, dia fantatro tokoa fa hahita soa izay matahotra an'Andriamanitra, dia izay matahotra eo anatrehany; Fa tsy hahita soa ny ratsy fanahy, ary tsy ho maro andro toy ny aloka izy; fa tsy matahotra an'Andriamanitra izy. Mpitoriteny 8:12-13

Aoka ho rentsika ny fifaranan'izany rehetra izany: Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa izany no tokony hataon'ny olona rehetra. Fa ho entin'Andriamanitra ho amin'ny fitsarana ny asa rehetra mbamin'ny zava-miafina rehetra, na tsara, na ratsy. Mpitoriteny 12:13-14

avo Jehovah; fa mitoetra any amin'ny avo Izy; Ary ny fahendrena sy ny fahalalana no haharetan'ny andronao, Ary fiarovana mafy ho an'ny famonjenao; Ny fahatahorana an'i Jehovah no rakitrao. ISAIA 33:5-6

Hajao ny olona rehetra. Tiavo ny firahalahiana. Matahora AN'ANDRIAMANITRA. Omeo voninahitra ny mpanjaka. 1 PETERA 2:17

nanao tamin'ny feo mahery hoe: Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano. APOKALYPSY 14:7
Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahalalana; Fa ny adala manamavo ny fahendrena sy ny fananarana. OHABOLANA 1:7

Aza manao anao ho hendry; matahora an'i Jehovah, ka mifadia ny ratsy. Dia ho fanasitranana ho an'ny fonao izany sy ho tsoka ho an'ny taolanao. OHABOLANA 3:7-8
Ny fahatahorana an'i Jehovah dia ny fankahalana ny ratsy; OHABOLANA 8:13

Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena; Ary ny fahafantarana ny Iray Masina no fahazavan-tsaina.
OHABOLANA 9:10
Ny fahatahorana an'i Jehovah no maharitra andro; Fa ny taonan'ny ratsy fanahy hohafohezina. OHABOLANA 10:27

Ny fahatahorana an'i Jehovah no mahatoky mafy; Ary ny zanany hanana fialofana. Ny fahatahorana an'i Jehovah no loharanon'aina hialana amin'ny fandriky ny fahafatesana.
OHABOLANA 14:26-27
Aleo ny kely misy fahatahorana an'i Jehovah Toy izay harena be misy fahoriana. Ny fahatahorana an'i Jehovah no fananarana mampahahendry; ary ny fanetren-tena no mialoha ny voninahitra.
OHABOLANA 15:16, 33

Famindram-po sy fahamarinana no fanadiovana ny heloka; ary ny fahatahorana an'i Jehovah no analavirana ny ratsy.
OHABOLANA 16:6
Ny fahatahorana an'i Jehovah no ahazoana fiainana; tsy hovalian-dratsy izy. OHABOLANA 19:23

Ny fanetren-tena sy ny fahatahorana an'i Jehovah dia harena sy voninahitra ary fiainana. OHABOLANA 22:4
Aoka tsy hialona ny mpanota ny fonao; Fa matahora an'i Jehovah mandrakariva. Fa misy farany tokoa; ary tsy ho foana ny fanantenanao. OHABOLANA 23:17-18

ka nanao tamin'ny mpitsara hoe: Tandremo izay hataonareo, fa tsy ho an'olona no hitsaranareo, fa ho an'i Jehovah, Izay momba anareo amin'ny fitsarana. Koa aoka ho ao aminareo ny fahatahorana an'i Jehovah; tandremo, ka ataovy izany; fa tsy misy heloka amin'i Jehovah Andriamanitsika, na fizahan-tavan'olona, na fandraisana kolikoly.
2 TANTARA 19:6-7